# Mamela an'ireo izay nanota

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

Alaivo sary an-tsaina hoe, tahaka ireo Korintiana, ny olona ao amin'ny paroasy izay misy anao dia mila mampitombo ny fitiavany sy ny famelany ireo izay nanota. Noho izany, dia manasa anao ny evekanao mba hizara vatsim-panahy fohy momba ny famelan-keloka any am-piantombohan'ny fotoam-pianarana na ny fivorian'ny kôlejy. Makà minitra vitsivitsy ary alamino ny zavatra izay azonao lazaina.

Ampidiro ao anatin'izany ireto zavatra manaraka ireto:

1. Farafahakeliny, andinin-tsoratra masina na andian-teny anankiray avy ao amin'ny 2 Korintiana 2:7–11.
2. Soratra masina anankiray hafa na teny nambaran'ny mpitarika anankiray ao amin'ny Fiangonana. (Azonao atao ny mampiasa ny teny nambaran'ny Loholona Duncan etsy ambany na ny anankiray amin'ireo soratra masina izay noresahiny.)
3. Ny eritreritrao manokana sy ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny fanomezana fitiavana sy ny famelana ny hafa sy ny fomba ahafahan'izany manampy antsika mba hanakaiky kokoa ny Mpamonjy.

## Fampianarana momba ny famelan-keloka

Hoy ny Loholona Kevin R. Duncan ao amin'ny Fitopololahy hoe:



> Resy lahatra aho fa ny ankamaroantsika dia te hamela heloka, kanefa hitantsika fa sarotra ny manao izany. Rehefa niharan'ny tsy rariny isika, dia mety halaky hiteny hoe:"Nanao ny tsy mety io olona io. Mendrika fanasaziana izy. Aiza ny fahamarinana?" Mieritreritra am-pahadisoana isika hoe *raha* mamela heloka isika, dia tsy ho tontosa ny rariny amin'ny lafiny iray ary tsy hihatra ny sazy.
>
> Tsy izay tsotra izao no izy. Hanome sazy ara-drariny ho an'ny rehetra Andriamanitra, satria ny famindrampo dia tsy afaka mandroba ny fahamarinana (jereo ny Almà 42:25). Manome toky ho ahy sy ho anao amim-pitiavana Andriamanitra hoe: "Aoka ho Ahy irery ny fitsarana, fa Ahy izany ary Izaho no hamaly. Ho aminareo [kosa] anie ny fiadanana" [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:23]. (Kevin R. Duncan, "Ilay diloilo manasitran'ny famelan-keloka," *Liahona*, mey 2016, 33–34)

- Matio 5:43–44
- Efesiana 4:32

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Forgiving Those Who Have Sinned.*
Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.